# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Jona 2018

**30** **Asabotsy**
jona

**[Jesosy] niantso tamin'ny feo mahery hoe : Ry Lazarosy, mivoaha ! Dia nivoaka ny maty.**
Jaona 11. 43, 44

**Fa avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony ; dia hivoaka izy : izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana ; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana.** Jaona 5. 28, 29

**Ny herin'Ilay Zanak'Andriamanitra (1)**
*Jaona 11. 1-44*

Tao am-pasana voahidy amina vato lehibe mavesatra ny fatin'i Lazarosy, anadahin'i Marta sy Maria. Nindaosin'ny fahafatesana izy rehefa narary nandritra ny fotoana fohy, ary efa efatra andro no nalevina tao.

Nefa nisy vahoaka nanatona ary nijanona teo anoloan'ny fasana. Fa misy inona ? Sa ve misy mpitsabo mbola manohy miezaka mikarakara ilay marary izay efa maty andro maromaro izao ? Teo afovoan'ny vahoaka anefa dia nisy olona iray nanome baiko hanakodiavana ilay vato manidy ny fasana. Hoy i Marta, anabavin'ny maty : „Tompoko, maimbo izy izao". Tena maty tokoa i Lazarosy !

Nisy feo mahery heno. Ny feon'i Jesosy, Izay sakaizan'ity fianakaviana nidonam-pahoriana. Hoy Izy niantso : „Ry Lazarosy, mivoaha !" Fa tsy fantatr'i Jesosy ve fa efa maty i Lazarosy e ?

Kanjo, nahatalanjona fa nisy nihetsika tao anaty fasana. Nifoha i Lazarosy, ilay efa maty, raha vao nahare io feo io. Ary nivoaka izy, nankatò ilay fahefana tsy hay tohaina.

Tantara fantatr'olona maro io. Tsy mampisaintsaina antsika ve izy io ? Raha olona efa maty no voatery mankatò ny feo-na Lehilahy iray, iza izany Lehilahy izany, raha tsy Ilay Zanak'Andriamanitra, Ilay Tompon'ny aina ?

Tsy misy olona afaka handà ny fahefan'izany Lehilahy izany, satria „avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony". Ianao koa, indray andro any, dia handre izany feo izany, ka hankatò, ary hivoaka… Ho fitsanganana ho fiainana ve, satria nino Azy ianao ka nandray ny fiainana mandrakizay ?

1.